Ny Gazety
Paris

Laharana faha 97

Alahady 4 Aprily 2010

Editorial

"...Finoana miorina amin'ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty"

I Kor 15 : 17

Roland Ratiarison
Filohan'ny Fpma Paris

Ry Havana,

Vanim-potoana lehibe eo amin'ny fiainan'ny fiangonana ny fankalazana ny Paska satria izany no mamaritra ny antom-pisiana sy fijoroan'ny fiangonana izay fikambanan'ny mpianakavin'ny finoana. Raha niatrika ny herinandro masina isika nanomboka tamin'ny alatsinainy lasa teo ka niafara tamin'ny zoma, dia nahatsiaro ny lalana nodiavin'I Jesosy Kristy ho famonjena izao tontolo izao. Ny andro alahady kosa dia fankalazana sy fahatsiarovana fandresena lehibe satria nitsangana tamin'ny maty ilay nohomboana ary manjaka sy velona miaraka amintsika ankehitriny.

Ny Paska koa dia azo lazaina ho fankalazana fotoam-pandresena satria resin'ny Tompo Jesosy ny fahavalo farany dia ny fahafatesana , ary ny finoantsika dia miorina tanteraka amin'izany fitsanganan'ny Tompo Jesosy tamin'ny maty izany araka ny voalazan'ny Apostoly Paoly ao amin'ny taratasy nosoratany hoan'ny Korintiana manao hoe « Fa raha tsy natsangana Kristy dia foana ny finoantsika ary dia mbola ao anatin'ny fahotana ihany isika». (I Kor.15:17).

Nandalo vanim-potoana sarotra ny fiangonana nandritra ny volana martsa satria namana, rahalahy, mpiara-miasa, havana no noraisin'ny Tompo any aminy, na eo aza ny alahelo vokatry ny fisarahana dia vaovao mahafaly no hambara amintsika amin'izao Paska izao fa velona miaraka amin'i Kristy ireo namantsika nandao antsika ireo satria "raha tsy natsangana Kristy, dia very koa izay efa nodimandry ao amin'i Kristy". (I kor 15:18).

Dia ny Tompo Jesosy izay velona miaraka amintsika ankehitriny no hampahery antsika amin'izao andro Paska izao ary ny fiadanana omeny izay tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao (Jaona 14:27), no hihazona ny fontsika sy ny saintsika mba ahazoantsika miatrika am-pahatokiana sy am-pinoana tanteraka ny fiainana ankehitriny sy ny ho avy rehetra.

Dia mirary Paska feno Fanantenana ho antsika rehetra!

Mitoera aty aminay; fa efa ho hariva izao, ka lasan-davitra ny andro. Dia niditra hitoetra tao aminy Izy

Lio 24, 13-35 (29b)

Izany no tenin'ireto mpianatra roa izay novangian'i Jesosy teny amin'ny lalana ho any Emaosy. Tamin'ny andro voalohany nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty no niseho ny tantara.

Raha jerena ny fizotran'ny tantara dia hita fa misy fotoana telo lehibe eo amin'izao fihaonan'I Jesosy amin'ireto mpianatra ireto izao.

Ny voalohany dia eo amin'ny fotoana iarahan'I Jesosy lalana amin'izy roa.

Ny faharoa dia ny fotoana izay ifanazavan'izy ireo amin'i Jesosy.

Ary ny fahatelo farany dia ny fotoana izay nampandrosoan'izy ireo an'I Jesosy ka niarahany namaky ny mofo tamin'izy ireo.

Anisan'ny fanontaniana azo apetraka amin'izao tantara izao ny hoe:

"Inona no ataon'i Jesosy mba hahatonga ny mpianany ho amin'ny finoana Azy marina ka ho tonga tena vavolombelona?"

Araka ireo fizarana telo efa hitantsika teo aloha ireo no ataon'i Jesosy amin'ny mpianany mba hahatonga azy ireo ho vavolombelon'ny fitsanganany amin'ny maty. *Tohiny pejy 3*

Teny fainana...

«Ary hoy Izy taminy : Ry adala sy votsa saina ka tsy mino izay rehetra nolazain'ny mpaminany, moa tsy tokony ho niaritra izany va Kristy ka hiditra amin'ny voninahiny ?» Lioka 24 : 25-26

DE QUELLE LONGUEUR EST NOTRE CROIX?



Nous nous plaignons des croix que nous avons à porter, mais ne réalisons pas qu'elles nous préparent pour les travers de la route que Dieu voit et que nous ne voyons pas !
Quelque soit votre croix, quelle que soit votre souffrance, il y aura toujours du soleil après la pluie...
Il se peut que vous trébuchiez, que vous tombiez même; mais Dieu est toujours là pour entendre votre appel...
Il connaît tous vos chagrins, voit chacune de vos larmes, et un seul mot de ses lèvres peut apaiser vos peurs...
Vos peines peuvent s'attarder dans votre nuit, mais soudainement se volatiliser au petit matin...
Le Sauveur est là, quelque part au-dessus, pour vous combler de sa Grâce, et vous imprégnez de son Amour...

« Mianatra Manome »

«Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasiankanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fifitahiana manana amby ampy ho anareo.» Malakia 3:10

Seth RASOLONDRAIBE

Ny bokin'ny Malakia dia nosoratana taona maro taorian'ny fiverenan'ny Zanak'Israely avy amin'ny fahababoana. Noho ny fahasahiranana isan-karazany teo amin'ny fiainan'izy ireo dia nihemotra tamin'ny lafiny maro ny Zanak'Israely teo amin'ny fiainam-pinoana. Nangatsiaka ny fitiavan'izy ireo an'Andriamanitra ka nanjaka ny fandikan-dalàna na teo amin'ny mpitondra firenena, na teo amin'ireo Mpanao raharaham-pivavahana na teo amin'ny vahoaka.

Noho izany dia saika fiantsoana hibebaka ny maro amin'ny hafatra ao amin'ity boky ity. Anisan'ny baiko izay nodikain'ireto vahoakan'Andriamanitra ny mikasika ny **FANOMEZANA** ka izany no mahatonga ity Mal 3,10 ity. Tsy nahay nanome intsony ny vahoaka kanefa baiko izany, ary heloka eo anatrehan'Andriamanitra ny tsy fahaizana manome. Koa arak'io and 10 io dia te hampianatra ny vahoakany ny Tompo mba hanome ho an'ny asany. Misy fizarana vitsivitsy amin'izao fampianaran'Andriamanitra ny olona hanome izao.

Mandroba na mangalatra an'Andriamanitra ny tsy manome.

Hoy ny Tompo eo amin'ny Mal 3,8: "Handroba an'Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy hianareo? Nefa hoy hianareo: Amin'inona moa no androbanay Anao? Amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra."

Nahoana moa Andriamanitra no miteny izao? Ny atao hoe mangalatra dia maka izay tsy an'ny tena. *Efa nambaran'Andriamanitra fa Azy ny fahafolon-karena*. Hoy ny Deo 26,12 "Rehefa voangonao ny **fahafolon-karena** rehetra avy amin'ny vokatrao amin'ny taona fahatelo, izay taona fanangonana ny **fahafolon-karena**, dia omeo ny Levita sy ny vahiny sy ny kamboty ary ny mpitondratena izany, mba hohaniny ao an-tanànanao, ka ho voky izy."

Tsy mba nisy fihetsiketsehina hitadiavam-bola nampanaovin'Andriamanitra hanatanterahana ireo asa maro ireo. Ny anjaran'Andriamanitra no takiany amin'ny vahoakany. Ahy hoy Izy ny am-pahafolon'izay anao. Koa ny tsy fanaovana izany dia toy ny mangalatra izay an'Andriamanitra.

Misy teny fikasana ho an'izay manome

Tsy mandeha ho azy izany manome izany. Indrindra raha toa ka tsy dia be loatra ny miditra eo am-pelatanana ary maro koa ny adidy eo amin'ny fiainana andavan'andro. Fantatr'Andriamanitra izany rehetra izany. Koa mba ho fampianarana ny vahoakany hanome dia misy teny fikasana miaraka amin'ny famporisihany hanome: "… ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo ". Gaga isika fa toa mikatona amintsika ny varavaran'ny lanitra ary toa tsy mba misy izany fitahiana manana amby ampy izany eo amin'ny fiainantsika. Mazava eto ny antony, hay isika mangalatra amin'Andriamanitra. *Tohiny pejy 4*

Mitoera aty aminay; fa efa ho hariva izao, ... *tohiny*

JESOSY MIARA-DALANA AMINY
(and 13-19a)

Toe-javatra mampalahelo tokoa no mitranga eto raha ny maha Jerosalema an'i Jerosalema no jerena. Jerosalema mantsy no renivohitry ny tantaran'ny Famonjena. Tao no nijalian'i Jesosy, tao no nanombohana Azy teo amin'ny hazo fijaliana. Tao koa no nahafatesany sy ny nitsanganany tamin'ny maty. Ary ao no handatsahany ny Fanahy Masina sy hanorenany ny Fiangonany.

Ankehitriny anefa ireto mpianatra roa ireto dia handao izany rehetra izany ka ho any amin'ny vohitra kely atao hoe Emaosy. Diso fanantenana ary very hevitra izy ireo. Satria tsy fantany ary tsy ninoany fa efa nitsangana ny Tompo. Tantara sisa no nandraisany izay rehetra efa nitranga tao Jerosalema.

Tamin'izany indrindra no tonga niara-dia tamin'izy ireo Jesosy. Tsy nahafantatra Azy izy ireo satria nohajambaina ny masony.

Inona no nahajamba ny mason'izy ireo? Satria tao am-pon'izy ireo sy tao an-tsainy dia efa maty Jesosy ka tsy hisy Jesosy hiara-dalana aminy izany intsony.

RY ADALA SY VOTSA SAINA (19b-27)

Izany no hanazavan'i Jesosy ny mahazo ireto mpianatra ireto. Ny mahagaga eto dia tsy mba fampaherezana na famporisihina no omen'i Jesosy ireto mpianatra ireto fa fanomezan-tsiny. Tena aretin-dratsy ary mety hahavery mihitsy mantsy ny mahazo ireto mpianatra ireto: adala sy votsa saina izy ireo.

Ny atao hoe adala dia mazava fa olona tsy ampy saina na very saina. Ary ny votsa saina kosa dia ilazana ny fo izay tsy mahay mandray izay lazain'ny Soratra Masina. Hany ka tsy tonga ao an-tsain'ireto mpianatra ireto mihitsy fa tsy maintsy mitsangana amin'ny maty Jesosy na dia efa nohazavainy matetika aza izany. Noho izany, dia tsy nahafantatra an'i Jesosy izy ireo na dia teo anilany aza Izy.

Inona no nataon'i Jesosy? Tsy ny niteny mafy an'ireto mpianatra ireto ihany fa ny nitsabo ny fon'izy ireo koa. Izany ny fitiavan'i Jesosy ry havana, manasitrana ny arentintsika rehetra. Izany no vokatry ny Paska ho antsika, ataon'ny Jesosy ao am-pontsika ny fahasoavany.

Ahoana ary ny nanaovany izany? Nanazava ny Soratra Masina na ny marimarina kokoa nanazava ny momba Azy araka ny Soratra Masina.

Vokatr'izany ilay fo votsavotsa, ilay fo mangatsiaka teo tonga feno hafanana ka hoy ireo Mpianatra: ***"Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dàlana Izy ka namoaka ny hevitry ny Soratra Masina tamintsika"***. Asan'ny tenin'Andriamanitra ampiasain'ny Fanahy Masina izany. Tiantsika ve ry havana ny hanana fo mafana ho an'i Jesosy? Meteza hihaino ny feony sy ny filazana momba Azy ao amin'ny Soratra Masina.

DIA NAMPANDROSO AZY IZY IREO (28-33)

Alahadin'ny Mpitandrina 2009 FPMA Paris

Araka ny voalazan'ny mpandinika dia izao hampandrosoan'ireto mpianatra ireto Azy izao no tena zavatra nokendren'i Jesosy. Mampiseho mantsy izao fa ilay fo efa kivy teo satria nihevitra an'i Jesosy ho efa maty dia tonga fo tia hahalala sy tia hiombona amin'ilay Jesosy velona. Io ilay Jesosy mandondona amin'ny alalan'ny Teny araka ny Apo 3, 20 manao hoe: ***"Indro mitsangana eo ambaravarana Aho ka mandondona. Raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarany dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy ary izy Amiko".***

Rehefa tafiditra tao amin'ny tokatranon'izy roa ireto Jesosy dia toa Izy indray no lasa Tompon-trano satria Izy no mamaky na mizara ny mofo . Tamin'izany dia nahiratra ny mason'ireto Mpianatra, nazava ny sain'izy ireo ka fantany fa velona Jesosy. Tanteraka izay nokendren'i Tompo. Lasa niverina any Jerosalema izy ireo, any amin'ny renivohitry ny tantaran'ny Famonjena. Any izy ireo no hidera sy ho vavolombelon'ilay Jesosy miaraka amin'ny Fiangonana.

HAFATRY NY PASKA HO ANTSIKA

Tahaka ireto mpianatra ireto, manan-javatra mahakivy nandiso fanantenana koa angamba ianao. Maizina aminao ny hoavin'ny fiainanao, na ny fiainanareo mianakavy. Tsy fantatrao ny hoavin'ny zanakao, ets. Ny hafatry ny Paska ho anao dia izao:

Miara-dalana aminao Jesosy. Ao anatin'io fahakivianao sy fahaverezan-kevitrao io dia eo aminao Izy na dia tsy hitanao aza. Koa aza adala sy votsa saina fa raiso ary ekeo ny tenin'Andriamanitra mba hanafana ny fonao ka hahatonga anao hampandroso an'i Jesosy eo amin'ny fiainanao sy ao amin'ny Emaosy-nao dia ny tokatranonao izany. Satria izany fiombonana amin'i Jesosy izany ihany no hampahiratra ny masonao ka ahitanao fa velona Izy.

Mba hosokafan'ny Tompo anie ny fontsika ary hohazavainy ny saintsika ka hahita ary ho vavolombelon'i Jesosy ■

Toriteny Alahady Paska 04 aprily 2010
Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

HAFATRA PASTORALY PASKA 2010

Ny Filoha Synodaly- Filohan'ny FPMA Rev. Dr Jean A. RAVALITERA

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'I Jesoa Kristy, Ilay Vavolombelona mahatoky, Ilay Zanaka lahimatoa sady voalohany natsangana ho velona avy tamin'ny maty, ary ilay filohan'ny mpanjakan'ny tany.

Hoy ny nambaran'ireo tafara-dalana tamin'ny Tompo Jesoa Kristy tany Emaosy :*«Tsy ny nirehidrehitra ve ny fontsika tamin'izy niresaka tamintsika teny an-dalana sy nivaofy ny Soratra Masina ? … Efa nitsangana velona tokoa ny Tompo, ary efa niseho tamin'I Simôna.»* Lioka 24, 32,34. Ary hoy ny Apôsitôly Paoly hoe : *«Ary raha tsy nitsangana velona i Kristy dia tsy misy fotony izay torinay, ary tsy misy fotony izay inoanareo.»* 1 Kôrintianina 15, 14.

Efa mahazatra antsika kristiana ny mandre azy, ka tsy tsaroantsika matetika ny hasarobidin'ny fitsanganan'ny Tompo Jesoa Kristy velona avy tamin'ny maty izay ankalazaintsika isan-taona. Kanefa, ny fitsanganan'ny Tompo velona avy tamin'ny maty dia mampahafantatra antsika mandrakariva fa tsy Andriamanitra maty no tompointsika fa Andriamanitra velona, koa na dia betsaka aza ny zava-manahirana atrehintsika eo amin'ny fiainana andavanandro, dia matoky sy manana fanantenana hatrany isika fa mpandresy koa, noho ny fandresena efa azon'ny Tompontsika : *« Amin'izany rehetra izany anefa, dia efa mpandresy tanteraka isika amin'ny alalan'Ilay efa tia antsika.»* Rômanina 8, 37

Misaotra an'Andriamanitra isika noho ny hahafahantsika miombona miara-mankalaza an'Andriamanitra amin'izao andro Paska izao. Vahoaka mivavaka sy matahotra an'Andriamanitra ny Malagasy. Isan'ny mampiavaka antsika izay toetra izay, tsy misaraka na oviana na oviana amin'ny fandalana ny Fihavanana, fa hoy ny fahendren'ny razantsika miatrika ny fiaraha-monina :«Ny Fihavanana toy ny jiafotsy, vao tsy ialan-kasokasoka ary tonta tsy ialan-dromoromo. ... Kanefa amin'ny sedran'ny samboaravoaram-piainana Zanahary tsy omen-tsiny, Andriamanitra tsy omem-pondro, fa ny olombelona no be siasia.» Lalovan-drahona matetika ny fiaraha-monina eo anivon'ny Fiangonantsika, kanefa toky ho antsika hiatrehana ny ho avy sy hiezahana miara-manarina ny lesoka ilay Fitiavan'Andriamanitra tsy miova ao amin'i Jesoa Kristy!

Mampahatsiaro antsika ireo Fotoan-dehibe hatrehintsika amin'ity taona ity. Tianay hosinganina ny Choralie hatao any Nancy, ny Fihaonamben'ny Vehivavy hatao any Montpellier ary ny Synôda lehibe hatao ao amin'ny Faritany Afovoany Andrefana. Fa ento amim-bavaka koa ny Fivoriamben'ny Fiombonan'ny Fiangonana Loterana Erantany (LWF/FLM.FLET) hatao any Stuttgart amin'ny volana Jolay ho avy izao, hibanjinana ny Faneva hoe :"Omeo anay anio ny hanina sahaza ho anay", ary ny Fihaonamben'ny Fiombonan'ny Fiangonana Réformés Erantany (WARC/ ARM) hatao any Richmond amin'ny volana septambra ho avy izao.

Dia mirary Paska sambatra ho anareo rehetra ary mitsodrano anareo amin'ny anaran'ny Tompo Jesoa Kristy Lohan'ny Fiangonana izahay : «Andriamanitra dia efa nitondra an'i JesoaTompontsika hiala amin'ny fahafatesana, I Jesoa Tompontsika Izay Mpiandry lehibe miahy ny ondry noho ny ra nafoiny ho antoky ny Fanekempihavanana mandrakizay. Andriamanitra loharanon'ny fiadanana anie hahatonga anareo ho vonon-kanao ny asa soa rehetra mba hahatanterahanareo ny sitrapony; ka hataony ao anatintsika amin'ny alalan'I Jesoa Kristy anie izay sitrany.

Ho an'I Jesoa Kristy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay! *Amen. » Hebreo 13, 20-21

« Mianatra Manome »

Andriamanitra tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay no manasa anao hoe izahao toetra Izy. Koa aoka isika hivavaka mba ho tonga tena fiainantsika izany manome ho an'Andriamanitra izany.

Mitaky finoana sy fankatoavana ny fanomezana izany

Arak'izany dia tsy miankina amin'izay ananana io fahaizana manome io fa miankina kosa amin'ny finoana sy ny fankatoavantsika ny tenin'Andriamanitra: "Omeo Ahy hoy Izy ny fahafolon-karena ary izahao toetra amin'izany Aho fa ho sokafako ny lanitra ho anao…"

Tsy misy famporisihina hanome mihoatran'izany ry havana. Andriamanitra mihitsy no manome toky ahy sy ianao fa tsy very izay omenao Azy. Manana tombony betsaka isika kristiana eo anatrehan'izany baikon'Andriamanitra izany satria efa misy antony hafa koa mahatonga antsika hanome. Tsy inona izany fa ny famonjena noraisintsika maimaimpoana ao amin'I Jesosy. Efa nahazo maimaimpoana isika ka manome maimaimpoana. Tsy manafoana ny teny fampanantenana efa nataon'Andriamanitra izany fa vao maika aza misokatra ny lanitra noho ny amin'I Jesosy fa tsy noho izay ataoko.

Vokatra FPMA Paris

Hanao vokatra isika amin'ny 18 Aprily izao. lakinan-javatra maro izany eo amin'ny fampandrosoana ny fanajakan'Andriamanitra ety an-tany. Ny toe-tsaina sy toe-panahy entintsika manao izany vokatra izany dia ny fanahin'ny fahafolon-karena:***Fatokiana sy Fankatoavana ny tenin'Andriamanitra***. Maro ny fomba amporisihina ny olona hanome. Nefa koa ny tena ilaina sy angatahina dia ny ahaizantsika manome amin'ny finoana marina sy ny fitiavana an'I Jesosy Mpamonjy antsika izay efa tonga nahantra mba hampanakarena antsika.

AGENDA DE LA SEMAINE FPMA PARIS

➤MARDI 06 AVRIL :
Cellules de prière:
- Thiais (94) à 20h
- Cachan (94) à 19h30
- Le Perreux sur Marne (93) à 19h
- Herblay (95) à 20h
- Romainville (93) à 20h15
- Aulnay sous Bois (93) à 20h
- Villenoy (77) à 20h

➤ MERCREDI 07 AVRIL:
Cellules de prière:
- Saint Denis (93) à 17h30
- Paris 15ème à 20h30

➤VENDREDI 9 AVRIL :
Finoana sy Vavaka à 19h
16, Rue Chauchat 75009 Paris
Vendredi familial à 20h

➤SAMEDI 10 AVRIL :
Sampana Fifohazana :
à partir de 9h30 (ouvert à tous)
16, Rue Chauchat 75009 Paris
Sampana Vehivavy à 15h
16, Rue Chauchat, 75009 Paris

➤ DIMANCHE 11 AVRIL :
9h30: Sekoly Alahady
10h30: Culte & Asa sy Fampaherezana

FANDRAISAN'NY MPITANDRINA
Atalata: 9 ora - 12 ora
Alakamisy: 9 ora - 12 ora
Ny andro hafa: RDV
47, Rue de Clichy 75009 Paris